ANTOKO TIM

## Ainga vao, sekretera jeneraly vaovao, serasera vaovao

Ainga vao, sekretera jeneraly vaovao, tompon'andraikitry ny serasera vaovao, ny anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), nanomboka afak'omaly. Nisy ny nanambara taorian' ny fifidianana ben' ny Tanàna farany teo, fa raha vao tsy lany eo hoy izy ireo ny kandidà ben'ny Tanàna atolotry ny TIM eto Antananarivo Renivohitra dia ho faty tsy hisy intsony izany antoko Tiako i Madagasikara izany ; izay antoko noforonin'ny Filoha Marc Ravalomanana. Natao lohatenin-gazety be mihintsy izany vao nanambara ny tribonaly miady amin'ny fanjakàna, fa lany ben'ny Tanàna i Naina Andriantsitohaina. Diso tanteraka ary vasoka be ireo gazety mpomba ny fitondràna TGV, izay lazaina fa mpandresy lava nefa matahotra ny TIM, lazainy fa antoko resy lava. Arak'izany, voafidy ho sekretera jeneraly vaovaon'ny antoko ny kandida ben'ny Tanàna teto Antananarivo Renivohitra Tahiry Ny Rina Randriamasinoro. Nosafidiana ho sekretera jeneraly ny TIM ity farany hoy ny filoha Marc Ravalomanana ; ary ny depiote Fidèle Razarapiera kosa no hisahana ny seraseran'ny antoko. Tsy mora ny adidy miandry azy ireo hoy ny filoha nasionalin'ny TIM, fa mirary soa ho azy ireo isika hahavita be amin'izany andraikitra sahaniny amin'ny fanomezana ainga vao ity antoko ity izany. Never give up, na tsy hilavo lefona mihitsy isika, hoy i Dada nandritra izany. Nanambara kosa ny sekretera jeneraly, Rina Randriamasinoro raha nandray fitenenana fa hamelomaso sy hitondra ainga vao ho an'ny antoko ny tenany, ka voninahitra ho azy ny hanatanterahany izany. Tsy ho vitako izaho samirery anefa izany hoy izy, raha tsy misy ny fifanampiana eo amintsika tanora mahay sy mahalala ary vonona hijoro sy hamelomaso hatrany ny antoko TIM.



*Ny sekretera jeneraly vaovaon'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.*

Tao anatin'izany no nankasitrahan'ity tanora sekretera jeneraly vaovao ity ny filoha Marc Ravalomanana, sy ireo mpikambana rehetra nametraka ny fitokisana taminy ary vonona izy ireo hanao fanamby hampiroboroboana ny antoko Tiako i Madagasikara hatrany. Amin'izao fotoana tokoa dia ny antoko TIM no antoko lehibe indrindra eto Madagasikara, ny hafa dia vondron'antoko fa tsy antoko mandeha irery toy ny TIM. Ny IRD, na IRK tokoa dia antoko maromaro no mivondrona ao anatin'izany, fa tsy antoko tokana toy ny antoko naJoron'ny Filoha Marc Ravalomanana: antoko manana senatera, manana depiote, manana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina koa ankehitriny. Raha ny antoko TGV an'i Andry Rajoelina manokana dia tsy mitovy amin'ny haben' ny TIM ny habeny raha mampitaha antoko samy antoko.

**Helisoa**

Fanenjehana politika

## Vao mainka midera an'i Fleury Rakotomalala ny olona

Nalaza tamin'ny fampahalalam-baovao isan-karazany, na amin'ny tambazotran-tserasera, fa migadra 5 tao-na an-tranomaizina sazy mihàtra no miampy didy fampisamborana teo am-pamoahana didy, ny mpa-ndraharaha, Fleury Rako- tomalala, sady efa kandida filohampirenena tamin'ny taona 2013, sain- gy nahintsan'ny fitsaràna avo momba ny lalam-panorenana (HCC) tamin' izany fotoana izany, izay any ampitandranomasina amin'izao fotoana izao. Nenjehina noho ny resaka fisolokiana tamin'ny asa nataony teny amin'ny fiantsonan'ny fiarakodia teny Ambohimanambola, izay asa natao tamin'ny fitondràna teo aloha ity farany tamin'izany. Ny mahagaga anefa araka ny nambaran'i Fleury Rakotomalala dia tsy sahy miseho ho fantatry ny rehetra ny mpitory azy fa miafina ao ambadiky ny mpitondra ankehitriny fotsiny. Raha ny fahafantarana ity mpandraharaha monina any Frantsa ity dia isan'ireo mamoaka ny dossier maloto misy eto amin'ny firenena amin'ny tambazotran-tserasera, izay tena be mpanaraka ny tenany, ka mahatonga ny mpanara-baovao hieritreritra hoe sao tsy mahatanty izany ny fitondràna ankehitriny, ka mitady hirika hamafàna io olona io ? Tsy Fleury Rakotomalala irery mantsy izao no tratran'ny antsojay fa maromaro ihany, raha tsy IST dia resaka raharaham-pitsaràna. Eo dia maro no mametram-panotaniana hoe mety amin' ny fitondràna ve izao ataony amin'ny olona eritreretiny fa tsy mitovy firehana politika aminy izao, izao fanenjehana politika ataony amin'ny olona maromaro izao? Ny mifanohitra anefa no hita, satria vao mainka manalavitra ny fon'ny vahoaka Malagasy amin'ny mpitondra izany, indrindra ny filoha Andry Rajoelina izay mety tsy mahafantatra ny zavamisy akory. Raha ny hita amin'ny tambazotran-tserasera fesiboky ankehitriny dia manameloka ny zavatra atao amin'i Fleury Rakotomalala avokoa ny fanehoankevitra ataon'ny olona ao, ary midera sy mankahery azy mihintsy aza ny maro an'isa amin' izany. Izany ve tsy vao mainka miady lavaka ilevenany ny mpitondra amin'izao fanenjehana ny olona tsy mitovy firehana politika aminy rehetra izao ?

**Helisoa**

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

Tsy fandriampahalemana

## Fototr'olana mihitsy no tsy voavahan'ny fitondrana

Miverina ho mafimafy indray ny firongatry ny asan-jiolahy tato ho ato ary tsy milamina ny tany araka ny fitenenana. Inona no anton'izany? Ankoatra ny fahantrana lalina mamàka sy mamahatra mafy eo anivom-piarahamonina, dia eo ny fikorosofahana mankany amin'ny ratsy sy habibiana. Na ambara ho miezaka miady mafy amin'izany aza ny fitondrana dia toy ny langilangy zozoro sy miendrika kely endaka ihany manoloana izany. Hita ho tsy mihemotra mihitsy ireo jiolahy manao ny asa ratsiny ary na misy fongotra aza ny andiany saron'ny mpitandro filaminana, dia toa misy vaovao hatrany ary maromaro mipoitra, fa tsy mety lany ritra ireo olon-dratsy. Efa taona maro izay no mandry tsy lavo loha ny vahoaka amin'ity resaka tsy fandriampahalemana ity noho ny asan-jiolahy. Tsy ambanivohitra tsy an-tanàn-dehibe fa itrangan'ny mpanao ratsy avokoa. Mirongo fitaovam-piadiana hatrany izy ireo, ary tsy mifidy asiana, toy ny nanjo ireo mpivady nodoran'ireo jiolahy fa tsy nisy afa-tsy vola kely dia kely no mba nananany.

Midika tanteraka ho fiharatsiam-piarahamonina izany rehetra izany, izay midika koa izany fa tsy misy fandrosoana sy fivoarana eto amin'ny firenena hatreto. Ho an'ny mpandinika ny fiainam-pirenena dia teo amin'ny taona 2009 no nipoiran'ny voa ratsy maro nampirongatra izao fikorosoam-piarahamonina Malagasy izao. Ankehitriny dia mitrebona sy maniry izany ary izao iaraha-mahita sy miaina izao. Ny vahoaka hatrany aloha no mizaka ny vokany sy mifafa ny kihony na ireo ampahany nandrisika ho amin'izany tany am-piandohana, noho ny tsy fitsinjovana lavitra sy ireo nanohitra fa nahatsapa ny hahapotehan'ny firenena amin'ny ho avy.

Inona no vahaolan'ny fitondrana? Milaza ho manao fa iaraha-mahita aloha ny zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandrom-bahoaka. Tsy vitana olona milaza ho teknisiana na avy eto an-toerana na avy any ivelany io, na miseho mpanao politika basivava sy be kabary. Ambara mandrakariva ny vahaolana, fa mila mijery ny fototr'olana marina eto amin'ny firenena sy manao asa mivaingana tsy miharo politika toy ny fanao mahakasika ny vahoaka sy ny sosialiny, ary mila fongorina hatramin'ny fakany ireo dahalo ambony latabatra.

**Sôh'son**

Kaominina Antsirabe

## Mihisatra ny fanendrena ireo mpiara-miasa amin'ny ben'ny tanàna

Mitarazoka tanteraka ny fampihodinana ny tanànan'Antsirabe raha tarafina amin'ny fanendrena ireo mpiara-miasa amin' ny Ben'ny tanàna vaovao. Raha ny tokony ho izy anefa dia efa tokony ho am-perinasa tanteraka ny Ben'ny tanàna vaovao eto Antsirabe renivohitra. Raha tsiahivina mantsy dia efa ny 24 Janoary 2020 no nametrahana azy tamin'ny fomba Ofisialy ary nanambarany fa tonga dia hiasa avy hatrany izy. Efa nisy tokoa ny asa madinidinika notanterahiny, toy ny fanotototofana ireo lalana simba sasantsasany eto Antsirabe sy ny fanoloana ny takamoa sasantsasany nanodidina ny lapan'ny Tanàna sy ny araben'ny fahaleovantena. Taorian'izay dia efa tontosa ny fivoriana tsy arapotoana voalohan'ny mpanolotsain'ny Tanàna, ka nankatoavana ny "Organigramme" hitantanana ny Tanàna. Ny manaitra ny sain'ny mpanara-baovao anefa hatreto dia tsy mbola voatendry avokoa ireo olona maromaro nofaritany tamin'ireo andraikitra nofaritany hatramin' izao, nefa efa ho herinandro izay no nahavitan'izay fankatoavana nataon'ny mpanolotsaina izay. Raha ny marina anefa dia efa tokony hanolotra volavolan'ny tetibola eo anivon' ny mpanolotsaina ny ekipan'ny Ben'ny Tanàna, tsy mbola nisy ny fampiantsoana ny mpanolotsaina handinika izany hatramin'izao. Raha ny lalàna anefa dia tokony tsy ho latsaky ny 10 andro izay fiantsoana ny mpanolotsaina izay ary manana 10, ka hatramin'ny 15 andro ny mpanolotsaina hivoriana, handinihina izay vinavinan'ny teti-bola izay. Aorian'izay dia tsy maintsy mbola handalo dingana maro ny fanapahan-kevitra sy ny fankatoavana ny tetibola, toy ny fandalovany eny anivon'



ny Prefektiora, raha toa ka ara-dalàna sy araka ny lalàna ilay izy. Raha tombanana araka izany dia mbola hitarazoka ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny kaominina satria hatreto dia mbola ny lefitry ny Ben'ny Tanàna tamin'ny andron-dRazanakolona Paul no miasa hatramin'izao, ary mety hisy fiantraikany ihany koa amin'ny fampandehanan-draharaha izany satria tsy mbola fantatra hatreto ny tompon'andraikitra mitantam-bola sy mifandray amin'ny tahirimbolam-panjakana ary dia mety hitohy amin'ny fahataran'ny fandoavam-bola ny karaman'ny mpiasa izany. Raha ny tombatombana dia mety ho any amin'ny tapatapaky ny volana Mey 2020 any vao mety hitombona ny fanendrindrana sy ny fampandehanan-draharaha ny asan'ny kaominina io raha ny lôjika.

**Solohery**